FANAMBARANA AVY AMIN'NY FADINTSERANANA MALAGASY ETO TOAMASINA

Izahay mpiasan' ny fadintseranana eto Toamasina dia manao izao fanambarana izao noho ny toe-javatra mitranga eto amin' ny sampan-draharaha misy anay :

1- Misy ny « enquête » mandeha ankehitriny mikasika hosoka sy fanodikodinan'entana lazaina fa misy eo amin' ny seranan-tsambon' ny Toamasina. Tsy voaporofo hatramin' izao anefa ny tena fisian'izany hosoka izany. Ary tompon' andraikitr' izany « enquête » izany dia tsy manana traik' efa na amin' io asa notanterahina io, na amin' ny asan'ny fadintseranana amin' ny ankapobeny.

2- Tsy mandà ny fanadihadiana ny mpiasan' ny fadintseranana ary tsy mihevitra ho ambonin' ny lalàna. Fa ny fomba fanatanterahana izany no lavinay : fandrahonana ny mpiasa mandritra ny fakàna am-bava, tsy fanajana ny ambaratongam-panadihadiana misy eto amin' ny fadintseranana izay marihina fa Officier de Police Judiciaire tahaka ireo mpanadihady ireo ihany koa. Ny « infraction douanière » toy ny « soustraction des marchandises sous douanes » dia takianay mba ho ny douanes no manao ny fanadihadiana momba izany araka ny voalazan' ny codes des douanes, sady izy no manana traik' efa amin' izany. Misy Direction iray mihintsy ao amin' ny Direction Générale des douanes natokana ho amin' izany

3- Noho ny fiverenan' izao toe-draharaha izao matetika, izay tsy misy vokany anefa fa manakorontana ny asanay fotsiny hatramin' izay, dia tsy maintsy mitraotra izahay mangataka ny fahafahanay miasa am-pitoniana ary raha misy ny ahiahy dia mba hajaina ny fepetra rehetra apetraky ny lalàna amin' ny fanatanterahana ny fanadihadiana takian' izany. Koa mandrapisian' ny tompon' andraikitra hiaino sy hikarakara ny vahaolana dia miato ny asanay, noho ny fahatahoranay manatanteraka azy ary ny tsy fahombonanan' ny filaminana arak' asa.

NB : efa misy fanambarana an-taratasy lavabe mikasika ny zava-manjo ny mpiasan' ny fadintserana eto Madagasikara zay tsy voatanisa amin' ny haino aman-jery efa naparitaka any , koa ity ny famintinana azy